



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

**1 SAM. 7, 5-14**  
**NY VAVAKA AO AMIN'NY FIOMBONANA**  
**LA PRIERE DANS LA COMMUNION**

**Mitarika : Pst Donald Gizy**

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina. Amen ! - *Au Nom de Dieu Père, Fils et Saint-Esprit. Amen !*

**Hira (Chant) chorale : Andao e (CU 2016)**

**Fampidirana fohy – Brève introduction : 1 Sam. 7, 5-14 :**

**Hira (Chant) 270, 1-2 : Ry Tompo, izay nanangona :**

1. Ry Tompo izay nanangona anay ho vato velona !  
Hazon'ny tsy handao Anao ny vato voarafitrao  
Fa maro no mandronjina handevona.
2. Jesosy Fehizoro ô, Mpifehy mora sady to !  
Tohano mafy izahay mba tsy hirodana indray  
Fa indro ny mpisompatra mandritra.

**Texte 1 : 1 Sam. 7, 5-6 :**

5 Ary hoy Samoela : « Vorio ny Isiraely rehetra ho any Mizpa, dia hivavaka amin'Ny TOMPO ho anareo aho ». 6 Dia nivory tany Mizpa izy ary nanovo rano ka nandrakana izany teo anatrehan'Ny TOMPO, sady nifady hanina tamin'izany andro izany izy ka nanao hoe : « Efa nanota tamin'Ny TOMPO isika ». Ary Samoela nitsara ny Zanak'Isiraely tany Mizpa.

*5 Samuel dit : « Rassemblez tout Israël à Mitspa et je prierai l'Eternel pour vous ». Et ils se rassemblèrent à Mitspa. 6 Ils puisèrent de l'eau et la versèrent devant l'Eternel, et ils jeûnèrent ce jour-là en disant : « Nous avons péché contre l'Eternel! » Samuel jugea les Israélites à Mitspa ».*

**Toritany 1 : Mitondra ny olona ho eo amin'Andriamanitra sady mitaona azy hibe-baka ny mpanompon'Andriamanitra**

**- Prédication 1 : Le serviteur de Dieu emmène les fidèles vers Dieu et les incite à la repentance :**

**Vavaka isan-tokan-trano - Prière familiale :**

- ho an'ny ankohonana – *pour la famille* : mba – *pour que* :
  - hifampivavaka ny mpianakavy na eo mifanakaiky eo na sarahin'ny toerana mifanalavitra : ny mpivady hifampivavaka, ny mpianaka koa

hifampivavaka ary ny iray tam-po hifampivavaka. Tonony mazava ao amin'ny vavaka ataonao ny anaran'ilay ankohonanao entinao ambavaka – *la famille prie les uns pour les autres, qu'ils soient dans un même endroit ou dans des lieux différents. Prononce clairement le nom de la personne que tu portes en prière*

- hahazoan'ny fianakaviana manokana fotoana hifampivavahana – *la famille puisse réserver du temps pour prier les uns pour les autres*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise* : mba – *pour que* :
  - hifampivavaka ny mino izay natambatr'Andriamanitra ho amin'ny Fiangonana iray – *que les fidèles que Dieu a mis dans la même paroisse prient les uns pour les autres*
  - hivavaka ho an'ny kristiana iray Fiangonana aminy ka tsapany fa lavitra ny fony ny mino tsirairay – *chaque fidèle prie pour celui ou celle parmi les chrétiens de sa paroisse qu'il sent, dans son cœur, éloigné(e) de lui (d'elle)*

### **Vavaka tarihin'i pasteur Donald GIZY – prière conduite par le pasteur Donald GIZY**

#### **Hira (Cantique) 270, 3-4 : Ry Tompo, izay nanangona :**

3. Ry Vato fampiraisana, tariho mba hikambana  
Ny vato voapaika re, ho tonga trano lehibe  
Tsy zakan'ny mpandevona harodana.
4. Ny kristiana marobe, mba ampiraiso tsara re  
Hiray am-pitiavana ho velona finoana  
Ka mba hiaraka hanao ny asanao.

#### **Texte 2 : 1 Sam. 7, 7-11 :**

7 Ary rehefa ren'ny Filistina fa efa vory tany Mizpa ny Zanak'Isiraely, dia niakatra hamely azy ireo andrianan'ny Filistina. Ary nony nandre izany ny Zanak'Isiraely, dia raiki-tahotra izy noho ny Filistina. 8 Dia hoy ny Zanak'Isiraely tamin'i Samoela : « Aza mitsahatra mitaraina amin'Ny TOMPO Andriamanitsika ho anay ianao, mba hamonjeny anay amin'ny tanan'ny Filistina ». 9 Dia naka zanak'ondry mbola minono Samoela ka nanatitra azy ho fanatitra dorana ho an'Ny TOMPO. Dia nitaraina tamin'Ny TOMPO ho an'ny Isiraely Samoela, ary nihaino azy Ny TOMPO. 10 Ary raha mbola nanatitra ny fanatitra dorana Samoela, dia nanatona ny Filistina hiady amin'ny Isiraely. Fa Ny TOMPO nampikotrokorana mafy tamin'ny Filistina tamin'izany andro izany ka nampifanaritaka azy, dia resy teo anoloan'ny Isiraely izy. 11 Ary ny lehilahy amin'ny Isiraely niala tany Mizpa, dia nanenjika ny Filistina ka namely azy mandra-pahatongany teo ambanin'i Beti-kara.

*7 Les Philistins apprirent que les Israélites s'étaient rassemblés à Mitspa, et les princes des Philistins montèrent pour attaquer Israël. A cette nouvelle, les Israélites eurent peur des Philistins, 8 et ils dirent à Samuel : « N'arrête pas de crier pour nous à l'Eternel, notre Dieu, afin qu'il nous sauve de la domination des Philistins ». 9 Samuel prit un tout jeune agneau et l'offrit tout entier en holocauste à l'Eternel. Il cria à l'Eternel pour Israël et l'Eternel l'exauça. 10 Pendant que Samuel offrait l'holocauste, les Philistins s'approchèrent pour attaquer Israël. L'Eternel fit gronder ce jour-là son tonnerre sur les Philistins et les mit en déroute. Ils furent battus devant Israël. 11 Les hommes d'Israël sortirent de Mitspa, poursuivirent les Philistins et les battirent jusqu'au-dessous de Beth-Car.*

**Toriteny 2 : Miteraka akony amin'ny fiainan'ny hafa ny vavaka ataontsika ho azy ireny – Prédication 2 : Notre intercession a des effets sur la vie des autres :**

**Vavaka isan-tokan-trano - Prière familiale :**

- ho an'ireo marary – *pour les malades* : mba – *pour que* :
  - hampaherezin'Andriamanitra amin'ny fanatrehany izy ireo – *Dieu les reconforte par sa présence*
  - hitady ny Fanavotana azy eo amin'Andriamanitra izy ireo – *pour qu'ils cherchent leur délivrance auprès du Seigneur*
- ho an'ireo mpitsabo – *pour les soignants* : mba – *afin que* :
  - hanavaozan'Andriamanitra ny herin'izy ireo hahazoany mitsabo ny marary rehetra – *Dieu renouvelle leur force afin qu'ils puissent soigner tous les malades*
  - tsy hatoky ny traikefa sy ny fahaizany fotsiny izy fa hametraka ny fitokisany rehetra amin'Andriamanitra izay mitari-dalana azy – *ne se contentent pas de leurs seuls expériences et savoir mais qu'ils mettent toute leur confiance dans le Seigneur qui les conduit*
- ho an'ireo namoy havan-tiana – *pour ceux qui ont perdu un être cher* : mba – *pour que* :
  - hampaherezin'Andriamanitra amin'ny fanatrehany koa izy ireny amin'izao fotoana manjombona noho ny fisarahana izao - *Dieu les reconforte par son accompagnement dans ces moments douloureux de la séparation*
  - hahatsapany ny fiasan'Andriamanitra mameno ny banga amin'ny Fiadanany – *ils sentent l'œuvre de Dieu qui comble le vide par sa Paix*

**Vavaka tarihin'i pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 300, 1-2 : Ny tany izay vangianao :**

1. Ny tany izay vangianao,  
Ry Jeso Masoandronay,  
Tsy maintsy lasanao, Jeso,  
Mba hanjakoanao avokoa.
2. Ny vavaka sy dera koa  
Tsy manam-pitsaharana,  
Hiakatra aminao tokoa,  
Hitady fiadanana.

**Texte 3 : 1 Sam. 7, 12-14 :**

12 Ary i Samoela naka vato ka nanorina azy teo anelanelan'i Mizpa sy Sena, ary ny anarany nataony hoe Ebenezer [Ebenezera = Vato famonjena] fa hoy izy : « Efa novonjen'Ny TOMPO isika hatramin'izao ». 13 Dia resy ny Filistina ka tsy tafiditra teo anatin'ny fari-tanin'ny Isiraely intsony ary ny Tanan'Ny TOMPO namely ny Filistina tamin'ny andro rehetra niainan'i Samoela. 14 Ary ny tanàna izay efa nalain'ny Filistina tamin'ny Isiraely dia azon'ny Isiraely indray hatrany Ekrona ka hatrany Gata, ary ny faritanin'ireo dia nalain'ny Isiraely tamin'ny tanan'ny Filistina koa. Ary nihavana ny Isiraely sy ny Amorita.  
*12 Samuel prit une pierre qu'il plaça entre Mitspa et Shen, et il l'appela Eben-Ezer en disant : « Jusqu'ici l'Éternel nous a secourus ». 13 Ainsi, les Philistins furent humiliés et ils ne vinrent plus sur le territoire d'Israël. La main de l'Éternel fut contre les Philistins pendant toute la vie de Samuel. 14 Les villes que les Philistins avaient prises à Israël retournèrent à Israël, depuis Ekron jusqu'à*

*Gath, avec leur territoire : Israël les arracha à la domination des Philistins. Il y eut aussi paix entre Israël et les Amoréens.*

**Toriteny 3 : Andao hifampivavaka**  
**– Prédication 3 : Prions les uns pour les autres :**

**Vavaka isan-tokan-trano - Prière familiale :**

- ho an'ireo mitondra antsika – *pour ceux qui nos dirigeants* : mba – *pour que* :
  - hanaiky hibebaka koa izy ireny ka hiantoraka amin'Andriamanitra – *ils acceptent de se repentir pour se tourner vers Dieu*
  - hataon'Andriamanitra hibaribary amin'ny masony ny lalana hitondrany antsika mba hahatonga antsika, vahoakan'Andriamanitra ho afaka miaina amim-piadanana - *Dieu rende visible à leurs yeux les choix qu'il agrée pour que nous, peuple de Dieu, puissions vivre en paix*
- ho an'ireo mpitandrina – *pour nos pasteurs* : mba – *pour que* :
  - tsy hiady irery ny ady tsaran'ny finoana izy ireny fa hovokisan'Andriamanitra amin'ny Teniny sy ny Fiadanany – *qu'ils ne luttent pas seuls dans le bon combat de la foi mais que Dieu les nourisse par sa Parole et sa Paix*
  - hampaherezan'Ny TOMPO azy ireny amin'ny Fahasoavany – *le Seigneur les reconforte par sa Grâce*
  - haharitra amin'ny fanompoana an'Andriamanitra eo amin'ny Fiangonana izy ireny – *ils soient persévérants dans le service de Dieu dans l'Eglise*
- ho an'ireo fianakaviansika – *pour nos familles* : mba - *pour que* :

**Vavaka tarihin'i pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 430, 1-2 : Endrika sariaka :**

1. Endrika sariaka no anompoako Anao, Jehovah Ray  
Fa tapaka ny hevitra : izaho dia olonao mandrakizay.  
He ny foko afa-jaly, tena ravo sady falifaly.

*Fiverenana* : *Ka endrika sariaka no anompoako Anao, Jehovah Ray.*

2. Fa tsaroan'izany saiko, mandra-maty ho tadidiko,  
Ny nanavotanao ny aiko, ilay fanahy sarobidiko  
Fa nomena fahendrena izay ekena fa ny Famonjena.

**FANDRAVONANA (POUR CONCLURE) :**

**Lio. (Luc) 18, 1 sy (et) 27 :**

1 Ary Jesosy nilaza fanoharana taminy, fa tsy mety raha tsy mivavaka mandrakariva izy ka tsy reraka.

*1 Jésus leur dit une parabole pour montrer qu'ils devaient toujours prier, sans se décourager.*

*27 Jésus répondit : « Ce qui est impossible aux hommes est possible à Dieu ».*

**Heb. 10, 24-25 :**

24 Ary aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara. 25 Aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon'ny sasany, fa mifananara kosa, mainka satria hitanareo fa mihantomotra ny andro.

*24 Veillons les uns sur les autres pour nous inciter à l'amour et à de belles oeuvres. 25 N'abandonnons pas notre assemblée, comme certains en ont l'habitude, mais encourageons-nous mutuellement. Faites cela d'autant plus que vous voyez s'approcher le jour.*

VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO – *NOTRE PERE*

**Hira (Chant) chorale : Apetrako eo an-Tananao / Entre tes mains (CU 2012)**

**Tso-drano - Bénédiction :** 2 Kor. (*Cor.*) 13, 14 : Ho aminareo anie ny Fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompo sy ny Fitiavan'Andriamanitra [Ray] ary ny firaisana amin'ny Fanahy Masina. Amen !

*Que la grâce du Seigneur Jésus-Christ, l'amour de Dieu et la communion du Saint-Esprit soient avec vous tous. Amen !*

**Fanirahana - Envoi :** Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fialiana. Isaorana anie Andriamanitra. Amen !

*Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendu à Dieu. Amen !*